
# VOANIO SY FAHAFOLONKARENA





**Nosoratan'i Avehei M., 11 taona, Tahiti, Polynésie française**


Manahoana! Ny anarako dia Avehei. Mipetraka any Tahiti aho. Tiako ny mivoaka any ivelany rehefa ao amin'ilay nosiko. Mandeha mitsangantsangana an-tongotra sy milomano any amin'ny renirano na ny ranomasimbe aho. Tiako koa ny miara- manao zavatra amin'ny fianakaviako. Tiako ny mahandro sakafo, milalao karatra ary mandeha manao fitsangantsanganana an-tongotra. Tiako ny milalao baolina sy mihanika hazo miaraka amin'ny anadahiko sy ireo zanaky ny iray tampo amin'ny ray aman-dreniko.


Mandritra ny fialan-tsasatry ny fotoam-pahavaratra dia miara-miasa amin'ny anadahiko any amin'ny saham-boanio iray aho. Manangona ireo voanio izahay ary mametraka izany eo amina antontam-boanio iray. Angoninay koa ireo ravinkazo mba hampadio ilay saha.

Karamain'ny rain'ny raibeko izahay rehefa miasa ao amin'ilay saha. Aloako foana amin'ny alalan'ny vola raisiko ny fahafolonkarenako. Nianatra ny fomba fandoavana fahafolonkarena avy amin'ny fianakaviako sy ireo mpampianatra ahy ao amin'ny Kilonga aho.

Mandoa fahafolonkarena aho satria fantatro fa izaho sy ny fianakaviako dia voatahy rehefa mankato aho. Nomena fianakaviana sy trano ary tontolo kanto iray manodidina ahy aho.

Fantatro fa velona Andriamanitra ary tia ahy Izy. Misaotra ny Ray any an-danitra aho noho ny fianakaviana nomeny ahy. ●







### INONA NO ATAO HOE FAHAFOLONKARENA?

Ny mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia manome ny ampahafolon'ny fidiram-bolany ho an'ny Fiangonan' Andriamanitra. Ny vola ataontsika fahafolonkarena dia hanampiana amin'ny fanorenana tempoly sy fiangonana ary hanampiana olona sahirana. Ny fahafolonkarena dia fomba iray hizarana ireo fitahiana azontsika amin'ny hafa. Nomen' Andriamanitra antsika taloha ela be io didy io, nandritra ireo fotoana ao anatin'ny Testamenta Taloha (jereo ny Genesisy 14:18–20). Ny fandoavana fahafolonkarena dia fomba iray hanehoana ny fitiavantsika ny Ray any An-danitra.



